Filoha Ravalomanana

## Miala voly ihany koa rehefa tsy mihaona amin'ny vahoaka 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 20 novambra 2018 Laharana 840 Vidiny : 400 Ar


**Matio 3: 11** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 86), 18 novambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ambatondrazaka, Toamasina, Vatomandry... 2

# Nankasitraka ny mpifidy i Dada



Fivangongoan'ny fako 3

# Tsy afa-mangina intsony i Neny



KANDIDÀ MARC RAVALOMANANA 2

## Mbola misokatra amin'ny olona rehetra hatrany



Masiakalika Bongolava 6

## Dahalo iray maty telo hafa naratra voatifitry ny fokonolona

Ambanivohitra Ambatondrazaka 6

## Mitaraina amin'ny fiverenan' ny tsy fandriampahalemana

Facebook 3

## MBS sy Viva, mifanalavitra ny fomba fisaina

**Daka kely**

Tena nanala-baraka ny Barea ialahy ry Boaikely a !

Ekipan'ny Elgeco Plus 6

## Nanolotra fitaovana ho fikojana ny kianjaben'i Mahamasina



FILOHA RAVALOMANANA

# Miala voly ihany koa rehefa tsy mihaona amin'ny vahoaka



*Ny filoha Marc Ravalomanana nijery baolina teny Vontovorona ny alahady tolakandro teo.*

Rehefa tsy mihaona mivantana amin'ny vahoaka dia miala voly ihany koa ny Filoha Marc Ravalomanana. Tao aorian'ny fankasitrahany ny tany Alaotra sy ny tany Toamasina ary Vatomandry ny faran'ny herinandro teo, tonga nijery ny baolina kitra isaisam-pirenena nihaonan'ny Barean'i Madagasikara tamin'ny ekipam-pirenen'i Soudan, tafiditra amin'ny fifanintsanana amin'ny Can 2019 i Dada, teny amin'ny kianjan'ny Cnaps Vontovorona ny alahady teo. Efa iaraha-mahafantatra ny vokatra fa resin' ny Soudanais tamin'ny isa 3 no ho 1 isika Malagasy, na izany efa tafakatra amin'ny dingan'ny famaranan'ny Can 2019 any Cameroun i Madagasikara. Tao aorian'ny lalao, nisy ny tafa fohy nataon'i Dada tamin'ny mpanao gazety, tamin' izany no nilazany fa ny baolina baolina ihany, tsy maintsy misy ny mpandresy, tsy maintsy misy ny resy hoy izy. Marina fa tsy ireny vokatra ireny no nantenain'ny Maalagasy rehetra, ireny no niseho dia tsy maintsy miroso foana isika na izany aza, ireny no midika fa mbola misy ny zavatra tokony hatsaraina. Mikasika ny fanontanian'ny mpanao gazety milaza fa tokony efa hiatrika ny fanomanana ny fihodinana faharoa indray ny Filoha Marc Ravalomanana, nambarany fa mandamina ny fotoanany izy, avy any Vatomandry aho izao hoy izy no tonga mijery baolina aty Vontovorona izao.

**Isambilo**

Kandidà Marc Ravalomanana

# ZMbola misokatra amin'ny olona rehetra hatrany



*Depiote Me Hanira R. sy ny talen'ny fampielezan-kevitra, Rabenja Tsehenoarisoa.*

« Manokatra varavarana ho an'ireo izay te hanohana azy ny kandida Marc Ravalomanana, amin'ny fiomanana sy fiatrehana ny fihodinana faharoa satria izy dia ho filohan'ny Malagasy rehetra, fa tsy ho an'antokon'olona vitsivitsy fotsiny. » hoy ny talen'ny fampielezan-kevitry ny kandidà Marc Ravalomanana, Rabenja Tsehenoarisoa, nandritra ny fanambarana ny vokatra vonjy maika teny amin' ny CENI Alarobia ny sabotsy teo. Tsy nisy ny tsy nampoizina tamin'ny voka-pifidianana vonjy maika fa araka ny efa navoakan'ny CENI, tsy nisy nahazo ny antsasamanila ny kandida fa miroso ho amin'ny fihodinana faharoa, na izany aza andrasana ny vokatra ofisialy havoakan'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Raha iny vokatra vonjy maika iny, miverina ny vola antoka na « caution » ho an'ireo kandida roa tafakatra ary izy ireo ihany ; mihoatra ny 7% ny vato fotsy sy ny vato maty ka tokony hojerena akaiky, izany hoe nandresy ireo kandidà miisa 33 hafa ny vato fotsy sy vato maty. « Efa vonona tanteraka izahay hiatrika ny fihodinana faharoa ary manao antso ho an'ny olona rehetra mba ho tonga hifidy. Izahay dia efa vonona amin'ny paikady rehetra hiatrehana ny fihodinana faharoa. » hoy ihany koa Me Hanitra Razafimanantsoa, depiote TIM, ny sabotsy teo io.

**Isambilo**

Ambatondrazaka, Toamasina, Vatomandry

# Nankasitraka ny mpifidy i Dada



Tsy maintsy mametraka paik'ady isika hiatrehana ny fihodinana faharoa hoy i Dada nandritry ny fandalovany tao Vohidiala ny sabotsy faha-17 novambra 2018 lasa teo. Nandritra io fotoana io no nisaorany manokana ireo vahoakan' Alaotra rehetra tsy ankanavaka nametraka ny fitokisana taminy tamin'iny fifidianana izay ho Filoham-pirenena fihodinana voalohany iny ary nibatany ny fandresena taty Alaotra. Hatsangana manomboka izao ny komitin'ny 25 na ny K25 izay hamondronana ny hery ahafahana miatrika ny fihodinana faharoa, ka hizorana any amin'ny fandresna hoy izy. Tonga niatrika ity fihaonana ity avokoa ireo olona izay nitarika ny fampielezan-kevitra taty Alaotra tamin'ny dingana voalohany iny. Ny tsy hisian'ny fanavakavahana fa hametrahana ny firaisankina no antony nanangana io K25 io hoy i Dada Marc Ravalomanana. Nambarany fa tsy maintsy mivonona hatrany ny rehetra hiatrika ny fihodinana faharoa mba hahazoana vokatra tsara. Mila ampakarina ny vokatra efa azo hoy izy kanefa mitaky asa izany ao anatin'ny fampielezan-kevitra sy any amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana. Marihina fa nitarika hatrany ny laharana faha-25 tato anatin'ny distrika telo mandrafitra an'Alaotra, ka isan'ny tena nahazahoany vokatra ambony ny tao Amparafaravola. Nisy ihany koa ny fihainoana ireo solontena avy eny ifotony isaky ny kaominina sy ny distrika izay samy nanambara fa vonona ny hanao tsaratsara kokoa noho iny fihodinana voalohany iny. Nohamafisin'ny Filoha Ravalomanana Marc fa ho fisaorana manokana ny avy aty Alaotra no antony nidinany taty antoerana noho ny fanamafisam-pitokisana nataon'ny vahoakan'Alaotra taminy. Ankoatra izany, tany Toamasina sy tany Vatomandry koa ny kandidà Marc Ravalomanana ny faran'ny herinandro teo, tamin'izany no nihaonany tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM sy ny KMMR tany antoerana, nanomezany toromarika sahady koa ny fiatrehana ny ho fifidianana fihodinana faharoa, sy nankasitrahany ny rehetra ka nahazoana ny vokatra tamin'iny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany ny alarobia 7 novambra lasa teo iny.

**Raoul**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Ho mailo ny mpomba an'i Dada amin'ny fihodinana faha-2

Raha ny vokatra tsy ofisialy navokan'ny CENI, vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny fifidianana dia tsy nisy nahazo ny antsasa-manilan'ny vato manankery ny kandida 36 nifaninana, tamin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra lasa teo. Raha ny vokatra voaray nambaran'ny CENI dia ny filoha Marc Ravalomanana N°25 sy Andry Rajoelina mpanongampanjakàna no hiady ny toeran'ny filohampirenena amin'ny fihodinana faha 2, fa tsy maintsy mbola miandry kosa ny valiny ofisialy avy amin'ny fitsaràna avo momba ny lalàmpanorenana HCC ny vahoaka Malagasy hanamafy izany. Raha ny lojika dia tsy dia hiova firy io vokatra io raha tsy hoe hisy fahagagana angamba, ny sasany mantsy milaza fa mpandresy tamin'ny fihodinana volohany izy, ary efa nanaovana fety ny andron'ny 7 novambra ihany izany. Raha ho an'ny kandida Marc Ravalomanana dia marobe ny zavatra tsy mety sy halatra be vata sy fizaram-bola tamin'iny fifidianana iny, saingy kosa miandry am-pitoniana ny vokatra ofisialy havoakan'ny HCC i Dada sy ny mpomba azy rehetra. Maro ny lesoka hita tamin'iny fifidianana iny na teo amin'ny fikarakarana mialoha sy nandritra ary taorian'ny fifidianana fa ho mailo amin'izay ny mpomba ny kandida Marc Ravalomanana amin'ny fihodinana faharoa fa tsy hanaiky ho taingenam-bozona intsony.

**Helisoa**

Ambatomanga, Manjakandriana

# Nahitana vokatra diso sy mampiahiahy koa

Miseho hatrany ny tsy fahatomombanana tamin'ny fifidianana natao teto amintsika ny 7 novambra lasa teo, na dia efa nivoaka aza ny vokatra vonjy maika navoakan'ny CENI na ny Vaomieram-Pirenena misahana ny Fifidianana. Nahitana vokatra diso sy mampiahiahy ihany koa tany amin'ny Kaominina Ambatomanga, distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Tao amin'ny birao fandatsaham-bato laharana : 111304010102 - EPP Ambatomanga, efitra faha-2 : kandidà laharana faha-25 tsy nahazo vato na 0, ny kandidà Emaivo, nahazo salan'isa: 89.24%.

**Ny Valosoa**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Riantsoa B

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Miary R

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana : vokatry ny hafa no iafenana tebahana nohon'ny tsy fahombiazan'ny kandidà tohanany

Nivoaka iny ny voka-pifidianana izay vonjimaika ihany fa tsy tena izy avy amin'ny Ceni. Samy manana ny fandraisany azy avy ny rehetra manoloana ireo vokatra navoaka sy ny tsy fahatomombanana marobe samihafa nandritra ny fotoam-pifidianana. Manampy ireo ny taham-pahavitrihana ambany sy ny tahan'ny isan'ny vato fotsy ambony be. Tetsy ankilan'izay dia niaraha-nahita ny karazana sarimihetsika nataon'ny Mapar izay niàla tamin'ny fanaraha-maso ny fifidianana teny amin'ny Ceni sy ny nanaovany valan-dresaka be taorian'izany. Tsy bado akory ny maro ka azo ampiresahana amin'ireny satria tsy hisy hino fa madio tanana ao anatin'iny raharaham-pifidianana iny izy ireo. Ho an'ny mpandinika, rehefa tsy nety na diso kajy ny Mapar sy ny kandidà tohanany, ka nandeha tamin'ireny fizotran'ny vokatra vonjimaika ireny vao tsy maintsy natao ireny fihetsika samihafa ireny. Niaraha-nandre tsara, tamin'ny fotoana vao nikatona ny birao fandatsaham-bato ny andron'ny 07 Novambra iny ka niditra tamin'ny fanisam-bato ka nisy vokatra azony, ny fihikan-dry Lalatiana sy ry Soava ,"mpanao gazetiny" tao amin'ny "miara-manonjany", ny amin'ny hoe fihodinana voalohany ihany dia vitan'ny kandidàny ny fifidianana. Moa tsy izy ireo no tena diso fanantenana indrindra amin'izao fotoana izao? Ary tao anatin'izany, nisy ny tahotra mafy ny hitsimbadihan'ny vokatra sy ny amin'ny hahazoan'ny kandidà Ravalomanana ny fandresena. Tsy afaka handà izany ireo, ary izay indrindra no nahatonga ny fanaovana kajikajy niankina tamin'ny fihetsika, madio na maloto, nataony tany ambadimbadika rehetra tany nanerana ny Nosy. Tsy maintsy natao izay fomba azony natao rehetra satria fanta-bahoaka fa tsy mandehandeha ho azy akory ny volabe natobaka tetsy sy teroa, nialoha sy nandritra ny fifidianana. Tsapa ho miezaka miafina na mialokaloka amin'ny tsy fahombiazana amin'ny alalan'ny fitsikerana na fanebahana ny vokatra azon'ny hafa ankehitriny ireo Mapar sy ny mpanao gazetiny ireo. Midika sahady ho faharesena izany ho an'ny mpandinika manam-panahy sy olon-kendry.

Anisan'ny fihetsika sy fomba iray mampieritreritra fatratra ihany koa hatramin'izao, niseho sy naparitaka teto amin'ny firenena, indrindra teto an-drenivohitra sy ny manodidina, ny fampihorohoroana ny amin'ny hisian'ny korontana raha tsy lany ny kandidà tohanan'ny Mapar. Tsy mandehandeha ho azy izany resaka izany matoa miparitaka hatreny amin'ireo sokajin'olona tsy ampoizina haharaka politika avo lenta. Ny trangan-javatra iray mahatonga ny sainy hirona be dia be amin'ny hoe novoizina ilay izy, dia ny nanjo ireo mpianatra manaraka lalampiofanana politika tao Paris izay saika tsy nampidirin'i Andry Rajoelina tao amin'ny efitra nanaovana adihevitra. Nitsikera mafy azy ny maro tamin'ireo mpianatra ireo ary taorian'izany dia nisy ny fandrahonana sy fampihorohoroana mihitsy hatrany amin'ireo ray aman-drenin'izy ireo teto Madagasikara. Niseho sy fanta-bahoaka tamin'ny haino aman-jery samihafa izany, fa tsy noforonina akory. Tsy mandehandeha ho azy ireny fihetsika ireny, ary azo heverina fa nisy akony teo amin'ny voka-pifidianana. Mazava anefa ny filamatry ny kandidà Ravalomanana Marc fa tsy mpandrava izy na mpanapotika fa mpanorina sy mpanangana. Mifanohitra tanteraka amin'ny an'ireto mizotra amin'ny lalana izay mampanahy ny mpandinika maro fatratra.

**Sôh'son**

**BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA**

# Tsy afa-mangina intsony manoloana ny fivangongoan'ny fako

Tsy afa-mangina intsony manoloana ny fivangongon'ny fako hatrany eto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra ny Ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana. Ny Samva no miandraikitra ny fanesorana ny fako ary tsy miankina amin'ny kaomina Antananarivo Renivohitra (CUA) intsony izy fa amin'ny Ministeran'ny rano. Niantso ny Samva handray ny andraikitra napetraka taminy araka izany ny tenany amin'ny fandraofana ny fako ara-potoana fa mitera-doza ho an'ny mponina izany. Niantso ny orinasa Jirama ihany koa ny tenany ny amin'ny fandoavana ny hetra tamberina tokony haloany amin'ny Samva, fa ny kaomina efa mahaloa hatrany ny anjarany ary toy izay koa ny ministera. Mahagaga, hoy izy, fa efa nisy kamiao tonga, natolotra ho an'ny Samva, kanefa tsy mbola miasa hatramin' izao. Tokony hisy ny fifarimbonana ho an'ny ministera voakasik'izany amin'ny hivoahan'izy ireo haingana. Raha ny nambarany mantsy, araka ny resaka nifanaovany tamin'ny minisitra, omaly alatsinaniny, dia antony ara-taratasy no sakana ny amin'ny tsy



hivoahan'izy ireo hiasa. Tsy ekena raha toa ka ny Samva no tsy manao ny asany hoy izy dia ny vahoakan'Antananarivo no mizaka izany. Tsy ekena raha toa ka ny Samva no tsy mahavita ny asany ka ny Kaominina no mizaka ny fanomezantsiny.

Tao aorian'izay fanambarana nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izay, niara-nitafa tamin'ny mpanao gazety kosa avy eo ny tale jeneralin'ny Samva sy ireo mpiara-miasa akaiky amin'ny ben'ny tanàna. Ny tsy fahampian'ny kamiao hiasa handraoka fako no tena olana lehibe ho an'ny Samva ka antony tsy fialàn'ny fako, raha ny nambaran'ny tale jeneraliny, kolonely Rakotoarivony William. Ny 2012 ny Samva no nanana kamiao farany niasa. Ny volana aprily 2018 no tapitra ny fifanarahana tamin'ireo mpiara-miasa"prestataires", ary efa natao ireo dingana maro isan-karazany hamerenana izany kanefa manahirana ny Samva ny fivadiky ny vaomiera misahana izany. Ny volana Oktobra lasa teo no nanomboka nivaha ny olana mikasika izany, satria teo vao vita ny fifanarahana tamin'ny tompon'andraikitra nasionaly mpanao ny tsenam-baro-panjakana na CNM. Nampitarazoka ny asa io fikarakaran'ny CNM io satria ny Samva dia miasa amin'ny kaominina ka tsy tokony rafitra nasionaly no niandraikitra ny fanaovana ny tsenam-baro-panjakana tamin'ny famerenana ireo mpiara-miasa amin'ny Samva, hiarahiasa aminy indray. Nohamafisiny fa vao ny telo volana voalohany tamin'ity taona ity no anjara vola naloan'ny orinasa Jirama. Nambarany ihany koa fa tsy misy hatak'andro no hanalàn'izy ireo ny fako vantany vao tonga eo aminy ny kamiao hiasa. Nentaniny ny mponina mba hanaja ny ora fanariana fako, izay amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina ary nampitandremany ny amin'ireo orinasa manary ny fakony eny amin' ny toeran-jaoridira natao ho an'ny vahoaka.

Ny filohan'ny filan-kevitry ny tanànan'Antananarivo, kolonely Faustin Andriambahoaka kosa indray dia nanambara fa hasiana Polisy Monisipaly sy tompon'andraikitra amin'ny Boriboritany 6, hiandry ireny toerampanariana fako ireny, ary hanasazy ireo tsy manary tsara ny fako amin' ny dabam-pako sy tsy manaja ny ora fanariampako.

**Isambilo**

## NY TENY FIAINANA

*Ohabolana 14:25*

*Ny vavolombelona marina mamonjy ain'olona; fa izay mamoaka lainga dia tena fitaka.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### MBS sy Viva, mifanalavitra ny fomba fisaina

**Arp Helisoa :** samihafa ny fomba fiaina sy fisaina ary arakaraky ny ataon'ny tompony ihany no ataon'ireo olona mampihodina ny orinasany : ny MBS sy VIVA no resahako eto a! ity farany tsy misy hafa-tsy ny fankahalana olona no hita sy re mivoaka ao. Ny MBS kosa dia ny mifanohitra amin'izany. Ampianaro ihany ny zaza e! Izany dia tsy misy anjely hafa-tsy Rajoelina ao amin'ny Viva, fa izay tsy mitovy hevitra aminy kosa dia FAHAVALO daholo ary hamoronana fanaratsiana mihintsy anaovana tatasiaka.

**Gati Ratsimbazafy :** tanora fanahy loatra, mba tsy hilazako hoe ... tsy mahagaga.

**Solofo Andrian's :** efa 2 mois tsy nahitako izany Viva izany, 2 semaines TV+, aleo tonga dia tsy mijery mihitsy fa tonga dia mahavoa stress.

**Francis N'Amby Rakotondravelo :** dia toy izay ihany koa no fahitako azy, aleo tsy mijery Viva sy TV+ izany, efa eon y MBS, ny On Air TV, ny AZ-Tv…

**Narindra Steph Stephan :** aleoko tonga d tsy mijery Viva zany mihts, efa eo tokoa ny MBS, ny On- Air Tv, ny AZ-Tv, ny TVM koa azo ihorirananana ihany.

**Christian Randriamampianina :** izahay mianakavy hatramin'ny zafikeliko dia tsy nijery intsony.

**Narindra Steph Stephan :** dia tena manaratsy mihts na radio na tele, ny fanaratsiana ataony anefa dia vao mainka manome laza ny olona ankahalainy toy an'ny Filoha Marc Ravalomanana izany, vao mainka malaza i Dada. ...

**Hajatiana Rakototahina :** reo ve ho lany lainga zany e, sady de tena mpanaratsy fotsiny, tsy mifidy zay anasoketana, efa tsy mpanao gazety intsony ny mpanao gazetiny fa mpikarama an'ady politika.

**Lala Rakotolobo :** tarana-boanjo foto-boanemba, ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara, tiava ny fahavalonao tahaka ny tenanao, ny olona mankahala ny rahalahiny dia tsa handova ny fiainana mandrakizay.

## TONONKALO

### Aiza ny lalana ?

Aiza ny lalana re Radomelina ?
Hatramin`ny rora aza mila tsy ho telina.
Ny akamakama efa nioman-kifety,
Kinanjo "tsy tafa" fa nisy tsy nety ?

Fihodinana tokana no nantenaina,
Kinanjo ny molotra ity tena maina
Nangaina ny ekipan`i Naivo Ravavany
Fa tena izao ilay hoe "hitan`ny havany" !

Maro sahady ireo nandao ny sambo,
Ary tena tsy lavitra intsony ny antambo.
Ny vola nafafy efa ho firy miliara,
Kanefa ny vokatra ity toa tsy tsara !

Ny akanjo , efa an`hetsiny no nozaraina.
(Ny ambany tanàna efa nampihantaina).
Kinanjo ny zava-miseho toa mangidy,
Fa tsy azo itokiana hainka iretsy mpifidy !

**DADAN`i ZINA (19-11-18)**

**BORIBORITANY FAHA-5 (CUA)**

## Nanadio ny manodidina ny toeram-panariam-pako avy nanalan'ny Samva fako

Taorian'ny fanalana ireo fako nisavovona notanterahan' ny Samva teny Alarobia Ambonilohа, dia nisy avy hatrany ny asa fanadiovana notanterahin'ny Boriboritany fahadimy omaly araka ny toromariky ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana rehefa nandalo teny an-toerana izy sy ny mpiara-miasa aminy omaly maraina. Niara- nisalahy tamin'ny asa fanadiovana tamin'izany ny sampana mpamonjy voina ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ireo ekipa teknika ary ny agent d'assainissement avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy. Nandritra izany dia nisy ny fandraofana ireo fako sy fotaka niparitaka tamin'ny arabe, ka notifirina rano avy eo. Natao izao asa izao ho fanomezan'ny Kaominina tanana ny Samva amin'ny fitandrona ny fahadiovan'ny tanàna. Mbola hitohy hatrany ny asa fanadiovana tanterahin'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo ho fitandrona ny fahadiovana indrindra amin'izao fotoam-pahavatra. izao.



*Ny fanadiovan'ny CUA ny teny Alarobia Ambonilohа.*

***Aly***

**Pr Harimalala Joseph**

## Nisy ny fitsimbinan'Andriamanitra ka nampilamina ny fifidianana

Samy miandry ny vokapifidianana Ofisialy ny rehetra na dia teo aza ny voka-pifidianana vonjy maika navoakan'ny CENI farany teo, izay tsy mbola Ofisialy ihany koa aza moa izany. Ho an'i Pr Harimalala Joseph, izay mpanara-baovao sy mpandinika ny raharahapolitika ary mampifandray izany amin'ny tenin' Andriamanitra dia nambarany fa nisy ny fitsimbinan'Andriamanitra ka nampilamina iny fifidianana iny na dia teo aza ny fanahian'ny maro ny mety hisian'ny korontana. Tsy mbola fantatra moa ny mety ho avokan'ny ampitso fa dia samy miandry ny rehetra satria efa fantatra fa tena asan'ny satana no hiadivana hoy ity mpandinika ity. Izany no nanambara hoy izy fa tsy Andriamanitry ny maty i Jesosy Kristy fa an'ny velona, araka ny ambaran'ny Marka 12: 27. Etsy andaniny dia hiroso amin' ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana I Madagasikara, ahafantarana izay ho filoham-pirenena hitantana an'I Madagasikara. Arak any voasoratra ao amin'ny Matio 7:13 manao hoe: "Midira amin'ny vavahady ety hianareo, fa lehibe ny vavahady ary malalaka ny lalàna izay makany amin'ny fahaverezana, koa aza manaraka azy". Araka izany dia mbola tsy mitsahatra ny miala nenina amintsika ny Tompo ry Malagasy amin'izao fihodinana farany izao. Aza manaiky ho baboin'ny olona amin'y fampanatenana poakaty sy ny resaka mora etsy sy eroa, ny fanambazana volabe fa ireny ilay lalana mikodana makany amin'ny fahaverezana di any fahaverezan'ny taranaka famandimby izany. Fa ampanetre-tena ihany koa no hanaovana antso avo amin'ireo tompon' andraiktry ny HCC, izay tompon'ny teny farany, izay nankinin'Andriamanitra aminareo. Matoky ny fahendrenareo izay vahoaka Malagasy tompoko, nohon'ny maha kristianina anareo sy ny maha olona matahotra an'Andriamanitra anareo, fa ny tena tsy hivadika amin'ny vahoaka Malagasy mpiray tanindrazana aminareo hianareo, ary tsy hanaiky ho fitahin'ny ratsy sy ho tambazany vola sy harena, satria heveriko fa ho olon'Andriamanitra ka hiaina ny fahamarinana sy ny fahamasinana hianareo, ary hitsinjo ny hoavin'ny taranaka, izay efa miaina anaty loza mangitsokitsoka nohon' ny vokatry ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 ireny, izay fantatra tokoa ny nanao izany. Koa miantso ny vahoaka Malagasy manontolo aho tompoko, fa hoy ny tenin'ny tompo ao amin' ny bokin'I Jeremia 3: 14-15 manao hoe: "Miverena ry zaza mpiodina, hoy I Jehovah fa izaho ihany no vadinareo, ary hangalako iray isam-tànana hianareo sy roa isam-pokony, ka ho entiko any Ziona hianareo, dia homeko mpitondra araka ny sitrapoko hianareo, izay hitondra anareo amin'ny fahalalana sy ny fahendrena". Koa araka io tenin'ny Tompo io dia mpitondra araka ny sitrapon'Andriamanitra dia izay sitraky ny fony sy tiany sy tia azy sy izay manao ny sitrapony, fa tsy izay manao ny sarin'ady politika, mampihorohoro amin'ny baomba atsy sy eroa mba hanasoketaina ny hafa no tian'Andriamanitra hipetraka eo! Koa ampitiavana no hanetanako antsika Malagasy manontolo hoy ity mpandinika ity mba hitolomantsika am-bavaka ihany koa ka hialan-tsika amin' ny ratsy fanao izay ampianarin'ny hafa ka hitodika amin'Andriamanitra amin'izay, ka tsy hitsoaka ady isika na dia horohoroana fitaovam-piadiana aza satria manana an'i Jesosy Kristy ho mpandresy isika.

***Solohery***

**Sekoly katolika Antsirabe**

## Ny Distrikan'Ambohimasina no nandray ny fidirana ofisialy

"Sekoly katolika manaja ny fanana iombonana , hikatsaka ny soa iombonana izay manomana olona ho eo anivon'ny Firenena."Izay manao ny marina no hendry ary ny marina no maha olona afaka" io no teny faneva novohizin'ny sekoly katolika manerana ny Diosezin'Antsirabe ho an'ny fanombohana manetriketrika ny taom-pianarana 2018-2019. Toy ny mahazatra dia natomboka tamin'ny lamesa lehibe ny fotoana izay notarihan'ny Pretra Rakotoniaina Nicolas. Fitaovana iray eo amin'ny Eglizy ny kristianina, mikolo ny maha olom-banona. Tato amin'ny Distrika Ambohimasina, rah any fari-piadidian'ny Diosezy no nanatanterahana ny lanonana; fa Kaominina Ambanivohitra Ambohimasina, Distrika Betafo kosa indray rah any fari-piadidiampanjakana no ambara. Tonga nanome voninahitara izany lanonam-panokafana izany tany an-toerana ny talen'ny foibemparitry ny fanabeazam-pirenena, ny fianakaviamben'ny sekoly Katolika. Nandritra ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Sekretera Jeneraly ny Faritra dia nanamafy ny tenany fa ny fanabeazana ny zanak'i Vakinankaratra dia mila fifandrombonana, eo amin'ny fanjakana sy ny fiangonana. Efa hit any vokatra noho ireo tahan'ny fahafahampanadinana ary mitarika amin'izany hatrany ny sekoly Katolika.Mila hamafisina izany fifandrombonana izany mba ho soa ho an'ireo taranaka fara-mandimby sy ho avin'ny Firenena iray manontolo. Teto ihany no nanamafisan'ny Tale foibe fanabeazana sy fampianarana katolika Diosezy Antsirabe Ratolojanahary Andre François fa manana paikady efa mati-paika ho an'ireo mpanabe araka izany ny Diosezy Antsirabe. Nisy ny fiofanana ireo tale-tsekoly rehetra nandritra ny tapa-bolana ary ho an'ireo mpampianatra kolejy sy ny" Lycée" kosa dia nisy ny fiofanana isaky ny taranja ho fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, ary ho an'ireo izay vao hanomboka ny tontolon'ny fanabeazana ihany koa, nandritra ny fotoam-pihalahatsasatra no nanatanterahana izany fiaraha-miasa tamin'ny sekoly ambony ESSVA.Efa vonona tanteraka araka izany ireo mpampianatra manerana ny Diosezy Antsirabe hiatrika ny tao-pibeazana 2018-2019. Raha tsiahivina dia Distrika miisa 25 no mandrfitra ny Diosezin' Antirabe raha toa ka misy sekoly 530 misy ambaratonga voalohany, miisa 99 ny kolejy ary misa 30 kosa ny Lycée. Ahitana mpampianatra miisa 2400 ary manodidina ny 80 000 ny isan'ny mpianatra tamin'ny taom-pianarana 2017-2018,ary ny vokam-panadinana dia ny CEPE nahatratra 68% ,ny BEPC kosa dia 77%, ary ny salan'isa ho an'ny BACC nahatratra 65%.

***Lezama***

## Sakafo Ny Valosoa



Laoka tsotsotra indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atody sy tongolo ary sardine, tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, sy ro matsatso anana ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba fanalana aretin'andoha mafy na migraine (tohiny)



Mbola fanalana aretin'andoha mafy na migraine ihany no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

- Matory ao anaty efitrano tsy misy hazavana. Vao miseho fotsiny ny fanaintainana dia mitsilania eo ambony fandriana, anaty efitra matroka na maizina no sady mahazo rivodrivotra. Ny tanjona dia ny hialana amin'ireo hazavana sy feo mafy loatra, izay vao mainka mankarary ny loha. Horina moramora ny fihirifana avy eo.

Marihina fa tsy tokony hivaova koa ny ora fisakafoanana satria ny hanoanana mantsy dia mety mahatonga "migraine". Tokony ho ampy torimaso tsara, miezaka miala amin'ny rarin-tsaina, miala amin'ireo tabataba, fijerena "écran" ela loatra, fofona mahery, harerahan'ny vatana na saina. Mila mifady ireo sakafo manosika ny fipoiran'ny aretin'andoha mahery vaika ihany koa : toaka, kafe sns... Azo atao tsara ny mampiasa ny torohevitra natoraly, saingy raha miverimberina foana ilay aretina dia mila mamonjy dokotera.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Soalala any amin'ny faritra Boegny

Ny tanànan'i Soalala any amin'ny faritra Boegny indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Soalala any amin'ny faritra andrefan'ny faritra Boeny, ao amin'ny helodranon'i Baly no misy azy. Manana tahirina vy be i Soalala, tombanana ho mahatratra hatramin'ny 600 tapitrisa taonina, izay trandrahan'ny sinoa hatramin'ny taona 2010. Iva toerana I Soalala miohatra amin'ny ranomasina satria 9 m monja miohatra amin'ny ranomasina ny haavony.



## Matio 3: 11

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 86), 18 novambra 2018

***Matio 3: 11 "Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo."***

Ny atao hoe BATISA dia fanekena ny ASAN'NY LANITRA. Ka na iza na iza izy tia an'i JESOSY dia manaiky ny fomban'ny Lanitra dia ny BATISA izany. Efa nambara taminareo hatrany am-piandohana ireo dingana dimin'ny BATISA. Tsy hoe faly fotsiny fa vita BATISA, betsaka ny ASAN'NY FIANGONANA ataon'ny vita BATISA fa izao tena tsara izany fa aza hadino ny "ASAN'NY AFO" dia ny Batisan'ny AFO izany. Nahoana moa no mifarana amin'ny AFO ny BATISA? **Mba fantatrareo ve io masoandro io "AFO", io no mihazona ny tany ary manao BATISA ny tany sy izay rehetra eo aminy fa raha tsy izany tsy misy na inona na inona izao tontolo izao.** Toy izany koa hianareo olombelona, **ny fifandraisanareo AMIKO JEHOVAH dia amin'ny alalan'ny FANAHY.** ***Genesisy 2: 7*** *"Ary vovo-tany no namoronako Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy."* Tiako ho fantatrareo fa rehefa nofononiko JEHOVAH ny olona voalohany dia izao : nofofoniko fofonaina mahavelona. Izany hoe : NY FANAHIKO JEHOVAH io fofonaina io. Raha mbola zaza ny olona dia madio, Hendry, marina, masina; Rehefa manomboka mahalala FAHOTANA ny olona dia miala ny FANAHIKO. Ka izany indrindra no amerenana ilay FANAHIKO ao aminareo. Tsy miverina ho azy anefa izany fa tsy maintsy amin'ny fifandraisana AMIKO irery ihany, izany no antom-pisian' ny FIANGONANA sy ireo mpanompoko isan-karazany mampianatra ny zava-miafin'ny FANJAKAKO. Ny Famerenana ny olona mba ho vaovao indray izany dia tsy misy afa-tsy ny fanoloran-tena hanompo an'i JESOSY. Manomboka amin'ireo dingan'ny BATISA ny FANAVAOZANA. Rehefa manompo an'i JESOSY ianao ka miorina ao amin'ny Fiangonana iray dia aza variana fa ny dikan'izany dia ny mba hiverenanao ao amin'ny FAHAMARINANA sy FAHAMASINANA ao amin'ny FANAVAOZANA sy FAMONJENA, ***I Korintiana 15: 57-58*** *"Fa isaorana anie Jehovah Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo. "*. Ny dikan'izany dia izao : mahefà be mandrakariva amin'ny asako = efao avokoa izay rehetra takiana aminao, fa raha ikelezanao aina ny fanarahanao izay takiana aminao dia tsy very maina velively ny fankatoavanao, tanteraka aminao ny TENY FIKASANA voatokana ho an'izay rehetra mino an'i JESOSY. Ny fanaovana Batisan'ny AFO anao no fototra iray tsy mahavoaozongozona anao ao amin'ny fanompoana an'i JESOSY, tsy mampiova anao na dia mafy aza ny fanenjehana, ny fampahoriana, ny fanesoana, ny fampitahorana, ny fampijaliana, ny fandevilevena, ny fanilikilihana, ny fandroahana sy ny fandrahonana ary ny fanaratsiana isan-karazany. Nahoana ny AFO no farany? FIHAZONANA ny zavapanahy izy ka tokony ho vita izany Batisan'ny AFO izany ny tsirairay. Fantaro tsara ary fa ireo BATISA 4 ireo dia hazonin'ny AFO, na ny fibebahana nataonao na ny famelan-kelona nataon'i JESOSY anao na ny Batisan'ny Rano natao anao (ny vavolombelon'izany dia ny fiangonana sy ny mpino ary izay rehetra aty an-danitra manontolo) na ny Batisan'ny Fanahy Masina nomena anao. Dia nofaranana tamin'ny Batisan'ny AFO izany rehetra izany. Maro no tsy mahalala io Batisan'ny AFO io ka tsy dia mba misy miresaka loatra na mampianatra koa. Anjara asan'i JESOSY indray ny manao Batisan'ny AFO, asa tsy hita maso io fa asan'ny Fanahy Masina koa. Ny Batisan'ny AFO na ny AFO no miaro sy miahy ny olona iray vita Batisan'ny Fanahy Masina. Tsy mba menatra ny manambara an'i JESOSY sy mitory AZY izay vita Batisan'ny Fanahy Masina, mahavita ny asa fanompoana anirahana azy, vavolombelon'i JESOSY hatrany amparan'ny tany sady mijoro hatramin'ny farany, mino sy manantena ny fiverenan'i JESOSY, tsy mba matahotra na mihorohoro ny amin'izao fiainana izao, manana fanomezam-pahasoavana. Tiako JEHOVAH ny milaza aminao fa ireo olona rehetra nampiasaiko voasoratra ao amin'ny Baiboly dia olona vita Batisan'ny Fanahy Masina avokoa. Tamin'ny andro taloha dia hita maso ny AFO nanaovana Batisan'ny AFO, ireto misy vitsivitsy tokony ho fantatrao : IZAHO JEHOVAH koa dia miseho amin'ny alalan'ny AFO, raha haniraka an'i Mosesy AHO fa hamonjy ny zanak'Israely izy. ***Eksodosy 3: 1-3*** *"Ary Mosesy niandry ny ondry aman'osin'i Jetro rafozany, mpisorona tao Midiana, dia nitondra ny ondry aman'osy tany ankoatry ny efitra ka nankany Horeba, tendrombohitr'Andriamanitra. Ary Ilay Anjeliko Jehovah niseho taminy teo anaty lelafo teo amin'ny roimemy anankiray; dia nijery izy, ka, indro, nirehitra afo ny roimemy, kanefa tsy nahalevonana. Ary hoy Mosesy: Hivily kely aho ka hizaha io fahitana lehibe io, hahafantarako izay tsy ahalevonan'ny roimemy."* Tamin'izany indrindra no nanaovako azy Batisan'ny Fanahy Masina. Rehefa nifindrafindra ireo zanak'Israely ireo dia tsy nandeha irery izy ireo fa niaraka TAMIKO toy izao, ***Eksodosy 13: 21-22***. Izany hoe ny andriafo sy andri-rahona io dia midika fa manao Batisan'ny Fanahy Masina sy mihazona azy ireo AHO hahatanteraka ny fikasako ny aminy sy ny programako. Rehefa nitoby tao an'efitr'i Sinay ny Zanak'Israely dia namepetra an'i Mosesy AHO, ***Eksodosy 19: 10-11***. Izany hoe io ilay fotoana fibebahana, ampanaovina fitafiana = omena ny Fanahy Masina fa hiseho AHO JEHOVAH afaka 3 andro ary tokony tsy misy manota intsony na dia iray akory aza. IZAHO JEHOVAH mihaona aminareo mivantana no dikan'ny AFO, sady maneho zava-mahagaga. Tamin'izany no efa nanambarako toy izao, ***Eksodosy 19: 5-6***. Mihainoa ary ny feoko hanatanterahako ny FIKASAKO. ***Vakio Eksodosy 19: 1-25***.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## MPOMBA AN'I DADA AO ALASORA

# Vonona hanarina ny tsy fahombiazana tamin'ny fifidianana

Resy ny filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny kaominina Alasorana Antananarivo Avaradrano, tamin'ny fifidianana ny 7 novambra lasa teo. Maro ny antony nahatonga izany izay tsapan'ny rehetra satria tsy mbola nisy TIM resy izany teny Alasora hatramin'izay nisian'ny fifidianana. Noho izany vonona ny hanarina ny tsy fahombiazana teny an-toerana ireo mpomba ny kandida N°25, ary tsy hanaiky lembenana intsony mikasika ny halatra be vava nataon'ny kandida hafa amin'ny fampiasàna vola sy halatra tamin'ny fanisam-bato. Hanangona ny heriny rehetra ny K25 Alasora hampandany an'i Dada amin'ny fihodinana faha 2.

***Helisoa***



Commission Electorale Nationale Indépendante

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

CENI MADAGASCAR

RESULTAT PROVISOIRE DE L'ELECTION PRESIDENTIELLE DU 07 NOVEMBRE 2018

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Inscrits : | 9 898 544 | Rajout(s) : | 38 539 | Taux de participation: | 54,23% |
| Votants : | 5 367 871 | | | | |
| Blancs et Nuls : | 392 853 | soit : | 7,32% | | |
| Suffrages exprimés : | 4 975 018 | soit : | 92,68% | | |

| N° d'ordre | Nom du Candidat | Voix obtenues | Pourcentage |
|---|---|---|---|
| 1 | RASOLOFONJOA Haingo Andrianjakamalala | 47 750 | 0,96% |
| 2 | RAKOTOFIRINGA Richard Razafy | 26 421 | 0,53% |
| 3 | TABERA Randriamanantsoa | 48 555 | 0,98% |
| 4 | RASOLOFONDRAOSOLO Zafimahaleo dit DAMA Mahaleo | 16 390 | 0,33% |
| 5 | JULES ETIENNE Rolland | 10 733 | 0,22% |
| 6 | RATSIETISON Jean Jacques | 15 230 | 0,31% |
| 7 | ANDRIANTSEHENO Lalaoarisoa Marcellin | 28 190 | 0,57% |
| 8 | RABARY Andrianiaina Paul | 48 898 | 0,98% |
| 9 | RABEHARISOA Saraha | 23 633 | 0,48% |
| 10 | RADAVIDSON ANDRIAMPARANY Benjamin | 25 392 | 0,51% |
| 11 | RAFALIMANANA Ny Rado | 57 573 | 1,16% |
| 12 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery Martial | 439 837 | 8,84% |
| 13 | Andry Nirina RAJOELINA | 1 949 851 | 39,19% |
| 14 | BEZAZA Marie Eliana Pascaline Manasy | 42 039 | 0,85% |
| 15 | ANDRIANOELISON José Michel | 26 451 | 0,53% |
| 16 | NARISON Stephan | 5 643 | 0,11% |
| 17 | RAJAONARY Erick Francis | 14 683 | 0,30% |
| 18 | RAMAROSON Arlette | 12 593 | 0,25% |
| 19 | BERIZIKY Jean Omer | 15 300 | 0,31% |
| 20 | RANDRIAMAMPIONONA Joseph Martin | 57 654 | 1,16% |
| 21 | RATSIRAKA Didier Ignace | 22 156 | 0,45% |
| 22 | MAHAFALY Solonandrasana Olivier Jocelyn | 23 333 | 0,47% |
| 23 | RADILOFE Mamy Richard | 42 663 | 0,86% |
| 24 | ERNAIVO Fanirisoa | 16 946 | 0,34% |
| 25 | RAVALOMANANA Marc | 1 755 885 | 35,29% |
| 26 | IMBEH Serge Jovial | 19 436 | 0,39% |
| 27 | RAVELONARIVO Jean | 29 211 | 0,59% |
| 28 | RANDRIAMORASATA Solo Norbert | 5 189 | 0,10% |
| 29 | ZAFIVAO Jean Louis | 6 121 | 0,12% |
| 30 | RASOLONJATOVO Falimampionona | 12 184 | 0,24% |
| 31 | RAKOTOMAMONJY Jean Max | 11 363 | 0,23% |
| 32 | RABARIHOELA Bruno | 9 964 | 0,20% |
| 33 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 21 410 | 0,43% |
| 34 | MAILHOL André Christian Dieu Donné | 63 205 | 1,27% |
| 35 | ROBIMANANA Rivomanantsoa Orlando | 14 563 | 0,29% |
| 36 | RASOLOVOAHANGY Roseline Emma | 8 573 | 0,17% |

EKIPAN'NY ELGECO PLUS

## Nanolotra fitaovana ho fikojana ny kianjaben'i Mahamasina

Mitohy hatrany ny fiahara-miasan' ny Klioba Elgeco Plus, izay tompon'ny amboaran'i Madagasikara-radaka na Coupe de Madagasikara sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Omaly alatsinainy dia nanolotra fitaovana hoenti-miasa hanatsarana ny kianjan'i Mahamasina ny Elgeco Plus toy ny Tuyau, cracheur na bouche d' arrosage na fitaovam-panondrahana, miampy ny fanamboarana sy fanatsarana ny trano fisolona akanjo ho an' ny mpilalao, ny fanolorana fitaovana ara-panatananjahantena ho an'ny ekipan' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia ny Uscafoot. Noho izany fiarahamiasa izany dia nanolotra ny Kianjan'i Mahamasina ny tanànan' Antananarivo hoentin'izy ireo manohy ny fanazarantena sy ny fandrai-



Ny filohan'ny Elgeco Plus sy ny tale ao amin'ny CUA.

sana ny lalao fiadiana ny amboaran'i Afrika ho an'ny isan-tarika na Coupe d' Afrique, izay hifanaovan'ny ekipan' ny Elgeco Plus sy ny ekipa Guineanina Deportivo Unidad, hatao ny alarobia 28 Novambra 2018 ho avy izao. Ireo fitaovana ireo dia natolotry ny filohan'ny Elgeco Plus ho an'i tanànan'Antananarivo, izay nosoloin'ny tale misahana ny fiainam-piaraha-monina sy ny kolontsaina (DCVC), Andriamisa Ramihone Patrick Angelo.

*Lita*

Masiakalika Bongolava

## Dahalo iray maty telo hafa naratra voatifitry ny fokonolona

Mirongatra ny asan-dahalo ao Bongolava. Nitrangana asan-dahalo indray tao amin'ny fokontany Masiakalika Bemahatazana Tsiroanomandidy ny alin'ny alahady teo tokony ho tamin'ny misasakalina. Dahalo am-polony nirongo basy no niakatra ny tanàna nikasa haka ireo omby am-polony maro tao an-tanàna, tsy mbola natory anefa ireo mpiambina tao an-tanàna ka afaka niomana sy nifanandrina tamin'ireto Dahalo, vokany dahalo iray lavon'ny bala, telo ihany koa fantatra fa naratra ary nentin'ireo namany nitsoaka, ny rà niraraka teny amin'ny lalana no nahafantarana izany. Raha ny fantatra dia lavidavitra, an-kilaometatra vitsy vao misy toerana misy miaramila sy zandary. Latsaka nandritra ny fandosiran'ireo dahalo ny findain'izy ireo ka nahafahana nanao ny fanenjehana ireto jiolahy sy manohy ny fanadihadihana. Raha ny asandahalo ao Bongolava Tsiroanomandidy dia saika ahenoana tranga isan'andro.

*Serge*

Ambanivohitra Ambatondrazaka

## Mitaraina amin'ny fiverenan'ny tsy fandriampahalemana

Manomboka miverina indray ny tsy fandriampahalemana eny ambanivohitra amin'izao fotoana izao aty Ambatondrazaka. Isan'ny velon-taraina amin'izany ny any amin'iny kaominina ambanivohitr'i Feramanga avaratra iny. Fantatra fa efa nilamina ny vahoaka teo aloha teo noho ny ezaka lehibe nataon'ny zandarimariam-pirenena. Nitsoaka nihazo ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro anefa ireo izay voalazan'ny mponina fa isan'ny raindahiny mpanao ny asa fandravana teny amin'izy ireo, ka rehefa somary niatoato ny fidinana ifotony nataon'ny mpitandro filaminana dia efa hita fa niverina izy ireo, ka mahatonga izao tsy fandriampahalemana manomboka mahazo vahana izao indray. Misy ny mponina sasany ao Ambatondrazaka renivohitra ao no manitrika ireo mpanao ratsy ireo hoy ny mponina, ka mahatonga azy ireo hahazo vahana rehefa malamalana ny fanaraha-mason' ny mpitandro filaminana. Fantatra fa misy mihitsy ny zana-bohitra voatonontonona ao Ambatondrazaka ao izay malaza ho fieren'ireo jiolahy ary fantatra ihany koa fa na ny mponina ao an-toerana aza dia efa mahalala azy ireny fa miandry ny fandraisana andraikitra avy amin'ny mpitondra fotsiny sisa.

*Raoul*

Tetikasa Fafi

## Fanjarian-tsakafo sy fahasalamana eny ifotony, natomboka tany Vakinankaratra

Mitana ny laharana voalohany ny Faritra Vakinankartra eo amin'ny tsy fanjarintsakafo mitarazoka, izay manana taha ambony indrindra 62,5% raha oharina amin'ireo faritra 21 hafa eto Madagasikara. Ny taona 2017 no efa napetraka ny paikady vaovao andiany fahatelo izay mifantoka manokana amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka. Raha tsiahivina dia samy manao ny paikady ny faritra tsirairay teo aloha, amin'ity indray mitoraka ity dia miara-misalahy ny sehatra rehetra na ilay atao ho "multisectoriels", izay hiara-miasa mivantana amin'ny ministeran'ny fasalamana sy ny PNNC-Secalina/ONN, iarahana amin'ireo mpiantsehatra eny ifotony dia ny ONG, ny toby eny amin'ny fokontany ary ny tobim-pasalamana. Notanterahana teto anivon'ny faritra Vakinankaratra ny atrik'asa ho fanombohana ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ary koa fanentanana ireo mpiantsehatra ao anatin'izany. Tonga nanome voninahitra ny fotoana ny tale miadidy ny fampandrosoana eto anivon'ny faritra Vakinankaratra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray sy mpandrindra nasionaly ny ady amin'ny tsy fanjariantsakafo Andriamatoa Raveloarison Ambinintsoa. Faritra 8 manana taha ambony no iasan'ny tetikasa dia Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Alaotra Mangoro, Bongolava, Itasy, Analamanga ary Vatovavy Fito vinany. Ho an'ireo Faritra manana taha mihoatra ny 60% kosa dia hanomboka amin'ity herinandro ity ihany ny fanatanterahana ny asa, ka haharitra 5 taona , dia ny faritra Vakinankaratra, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Itasy ary Vatovavy Fitovinany. Tanjona amin'izao ady izao dia ny fanatanterahana ny fanamby ho an'ny firenena hampihenana ny taha 47% ho 30% amin'ny taona 2028. Paikady ho entina amin'izany dia ny Fampitomboana sy ny fampiasana ireo tolotra mahakasika ny fahasalamana ara-pananahana ny fahasalamana ara-tsakafon'ny reny sy ny zaza, ary ny hitondrana vahaolana haingana sy mahomby amin'ny fotoanan'ny kirizy na koa ny loza voajanahary satria ireo no isan'ny fototra mahatonga ny tsy fanjariantsakafo eto Madagasikara. Hisitraka an'izao ady izao ireo Reny bevohoka sy mampinono, ny zaza vao teraka ka hatramin'ny 23 volana, ny zaza 24 volana ka hatramin'ny 59 volana, ka ny taha ho tratrarina amin'izany dia miisa 1 492 907 ho an'ny zaza latsaka ny 5 taona ary 442 818 ny Reny mitondra vohoka. Zava-dehibe ho an'ny firenana ity ady ity satria tsy misy ny fampandrosoana raha tsy misy fanjarian-tsakafo lavorary. Marihina fa misy ny fanohanana avy any ivelany hanatanterahana izao ady izao, ka vola mitentina 90 000 000 dollard no natolotry ny The world bank sy ny The power of nutrition izay vola tsy haverina.

*Lezama*

Fampitsaharana ny ady lehibe voalohany

## 100 taona aty aoriana

Toy ny isan-taona dia mamanamarika hatrany ny andron'ny 11 Novambra ny Tafika Malagasy sy ireo miaramila teratany Frantsay miasa sy monina eto Antsirabe, izay miasa ao amin'ny Akademia Miaramila. Tsy navela ho raraka antany ny rà latsaka sy aina nafoy nandritra ny ady lehibe voalohany teto amin'izao tontolo izao. Ny firenena rehetra manerantany dia tsy mamela io vanim-potoanan'ny 11 novambra io andeha fotsiny, fa misy hatrany ny fanamarihana. Ho an'Antsirabe manokana dia nisy ny fanamarihana izany tamin'ny alalan'ny fametrahana fehezam-boninkazo teo amin'ny tsangambaton' ny 11 Novambra. Tonga nitarika izany ny Préfet an'Antsirabe Ramatoa Andriatomponera Voahangy Harimino, ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra ny Jeneraly Rakotonarivo William, ny Ben' ny tanànan'Antsirabe, ny "Général de brigade Commandant d'Armes de la place Antsirabe" ny Colonel Bruno Malet, mpiandraikitra ny fiarovana eo anivon'ny masoivoho Frantsay, ary ny solontenan'ireo bekotro maro holatra. Raha tsia-




Nanamarika ny andron'ny 11 novambra ny teto Antsirabe.

hivina dia maro ireo miaramila Malagasy nandray anjara tamin'ny ady, izay nanampy ny firenena Frantsay. Nahatratra hatramin'ny 45 000 ka ny 4 000 tamin'ireo no maty raha efa nisy ihany ireo efa tafody aty Madagasikara ny taolam-balony. Niavaka ny fanamarihana ny 11 novambra tany Frantsa tamin'izao faha-zato taona izao, ary maro ireo filoham-panjakana manerantany no nanatrika izany. Ankoatran'ny fanamarihana mahazatra dia nisy ny fikaonandoha manerantany momban'ny fandriampahalemana.

*Solohery*

SARIITATRA: Hisy olona hody any Miami raha mivoaka ny vokatra marina



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**17/11/18 hatramin'ny 24/11/18**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 840-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAKINANKARATRA

# Nahazo lalam-barotra hafa ny seha-pihariana tsaramaso

« Finiavana, fahazotoana ary fikirizana » no azo ambara fa aina ananan'ny seha-pihariana tsaramaso eto amin'ny faritra Vakinankaratra, ka nahazoany tohana avy amin'ny Union Européenne n a ny Vondrona Eoropeana. Miteti-bidy 197 275 456 Ar ny tetikasa ary ny 167 684 138 Ar dia avy amin'ny Procom "Programme d'Appui en Emploi Interrégional" na ny fandaharan'asa ho tosiky ny asa eny amin'ny vondrombahoakam-paritra. Raha ny tetiandro dia 5 volana ny faharetan'ny tetikasa. Ny fanodinana ny tsaramaso ho tonga koba no asa miandry ity sehatra Fiaraha-mihary tsaramaso ity ary efa mazava ny lalan'ny tsena ho an'ny vokatra vita. Isan' ireo seha-pihariana niforona faramparany teto amin'ny faritra Vakinankaratra ny sehatra Fiaraha-mihary tsaramaso saingy isan'ireo lasa aloha kosa anefa raha ny asa. Nisongadina io nandritra ny fandraisampitenenana nataon'ny tale miadidy ny fampandrosoana Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray nandritra ny atrikasa ho fanatsarana ity seha-pihariana ity. Reharehan'ny faritra Vakinankaratra ny fisian'ny tetikasa manohana ny lalam-pihariana izao no sady manome tosika ireo mpisehatra amin'ny lalam-pihariana tsaramaso. Mandray roa ny firoboroboan'ny lalam-pihariana tsaramaso : ny iray dia manome lanja ny lafiny ara-toekarena satria misy ny famatsiambola ary miteraka asa ho an'ireo mpamboly madinika. Ny lafiny iray hafa dia ireo vokatra ho vita afaka fotoana fohy dia ahafahana miatrika ny tsy fanjaraiana ara-tsakafo misy eto amin'ny faritra. Ho vokatra misy ireo hery fiarovana mantsy no ho vita. Mihodina ary miaina ny sehatra Fiaraha-mihary tsaramaso hoy ny filohany Ramatoa Rabary Bodovololona satria miha-mitombo ireo mpisehatra. Ny rafitra ihany koa dia manamafy ny fiarahamiasa amin'ny sehatra rehetra raha tsy hilaza afa-tsy ny Fofifa eo amin'ny famokarana ny masomboly manaraka ny fenitra sy ahatsara ny vokatra. Efa voapetrapetraka sy maty paika tanteraka ny asa sy ny dingana mandritra ny 5 volana faharetan'ny tetikasa miroso ny fanodinana amin'ny fahatelon' ny volana, any amin'ny volana fahaefatra dia ampahafantarina ny vokatra vita ary amin'ny volana fahadimy fiafaran' ny tetikasa mamoaka ny vokatry ny fanadihadihana ankapobeny. Natao tetsy amin'ny efitrano malalaky ny Royal Palace ny fivoriana ho fanatsarana ny seha-pihariana ny andron'ny zoma teo.

***Lezama***

Rano, fidiovana sy fanadiovana

# Ny 24% ny Malgasy ihany no mbola misitraka rano fisotro madio


Mbola ny 24% ny Malagasy ihany no mbola misitraka ny rano fisotro madio manerana ny nosy ary ny 44% dia mbola mangery ankalamanjana. Ireo no fantatra nandritra ny tsenan-kevitra, handrafetana ny fandaharam-panjakana eo amin'ny rano, fidiovana sy fanadiovana. Faritra efatra no nandray anjara tamin'izao atrik'asa isam-paritra izao dia Menabe, Matsiatra ambony , Amoron'i Mania ary Vakinankaratra mpampiantrano. Hotel des Thèrmes Antsirabe no nandray izany ny 15 sy 16 Novembre 2018 teo. Saika hita teto avokoa ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny Fanjakana Malagasy eo amin'ny sehatry ny rano fanadiovana sy fidiovana. Mbola lavitra ny lalana hodiavina vao ho tratran'i Madagasikara ny fenitra ka hisitraka rano fisotro madio sy hanana ny fotodrafitrasa fototra ny isam-baravarana. Izany indrindra no anton'izao tsenan-kevitra izao araka ny nambaran'ny Sekretera jeneralin'ny Ministeran'ny rano, ny fidiovana sy fanadiovana Lalaina Andrianamelasoa. Manana tombony i Vakinankaratra amin'ny fandraisana izao atrikasa miendrika tsenan-kevitra izao, araka ny nambaran'ny talem-paritry ny rano ny fidiovana sy fanadiovana, Rakotonirina Rijavola. Atrikasa iraisam-paritra 7 no ahafahana mamoaka ny tsoa-kevitra nasionaly, efa vita ny voalohany tany Ampefy , ary faharoa izao natao teto Antsirabe izao. Any ampamaranana dia hamoaka ny antonta-kevitra ho boky firaiketana ireo mpahay izany, ka io indray no ho tonga fitaovana hiaingana amin'ny fampiroboroboana ny rano , ny fidiovana sy ny fanadiovana manerana ny Nosy. Nanome voninahitra izao atrikasa iraisam-paritra natao teto amin'ny Hotel des thermes izao ny Sekretera jeneralin'ny Faritra Vakinankaratra Rakotomahandry Timothé.

***Solohery***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 260**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0259)

***Mitsivalana***
- Filazàna
- Fary (Miv) – Vy
- Lalàna
- Fako (Miv) – Dio
- Hamidy
- BK – Koa
- Fy – Vady

***Mitsangana***
- Filoha
- Iraka
- Lalamby
- Kifafi (Miv)
- Avadika
- Ny – Do (Miv)
- Zonay

## TENY MIFANAPAKA N° 260




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pitsaboana **2.** Foto-tenin'ny fiarovana – Mandimby (Miv) **3.** Malaky **4.** Mpanondro toerana – Mindrana sy mandoa vola (Miv) **5.** Tohana **6.** Fitafiany **7.** Solfà – Lovia (Miv) **8.** Aviavy – Marika (Miv) – Mpanondro toerana **9.** Aro moka – Vazo (BR) **10.** Manjelatra

**Mitsangana**

**A.** Lanja **B.** Avereno (Miv) – Hao tsy misy lohany **D.** Simba – Hazo maro **E.** Feo miverina – Anaty rano **F.** Tsirin-teny – Fia (Miv) **G.** Arosonao **H.** Firinga – Jiro tapaka **I.** Nahitàna (Miv) – Simba, masiso (Miv) – Hekitara **J.** Niakatra (Miv) **K.** Domelin'ny toaka (Miv) – Avoty (Miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0259

***Mitsivalana***

1 *Mifanaraka* 2. Izaho – Volo (Miv) 3. Tany – Iva 4. Asa – Ha 5. *Marina* 6. Propagandy 7. No – Aato 8. Bas(y) – Laona 9. Zo – Aba – Kaf(e) 10. Ralambo

***Mitsangana***

A. *Mitempo* B. Iza – Ar – Bor(y) D. Fanorona E. Ahy – Lasopy (Miv) F. (Ra)no – Ana – Bà G. *Malagasy* (Miv) H. Rova – AAA I. Ala – Antoko J. Ko – Dona K. Aviavy – Afo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana niala voly nijery baolina teny Vontovorona.










Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nijery ny fivangongon'ny fako tamin'ny faritra sasany teto Antananarivo.







Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny tale jeneralin'ny Samva sy ny mpiara-miasa amin'ny Ben'ny tanàna.

